ANTONY SY FOTO-KEVITRA ANKAPOBENY**

**Andininy voalohany.** - Ny seranan-tsambo iray dia fitambaran'ny velaran-tany, fari-dranomasina ary fitaovam-piasana izay miorina amin'ny moron-tsiraka na amin'ny moron'ny renirano ary mahafeno ny fepetra hita maso voajanahary na nataon' olona ary ara-pandaminana, ka mamela ny fanantanterahana ny asa fandraharahana ara-tseranana.

Rehefa seranan-tsambo dia tsy maintsy hanaovana famaritana ho fampiharana ny fepetra mandrafitra ny tanim-panjakana.

**Andininy 2-** Ity Lalàna ity dia mamaritra ny sata mifehy ny seranan-tsambo ankoatra ny seranana ara-miaramila. Mametra ny sata sy ny fepetra mihatra amin'ireo vondrona miandraikitra ny fitantànana, ny fiadidiana ary ny fihariana ireo seranan-tsambo ireo izy, ary koa ny fandaminana ny zana-tsehatra miankina aminy. Ny fepetran'ity Lalàna ity dia voafaritrin' ny fankatoavana ireto foto-kevitra manaraka ireto :

- ny tsy fahazahoana mivarotra sy ny tsy fahazahoana mizarazara ny faritry ny firenena;
- ny fanajàna ireo tombon-tsoan'ny Fanjakana mifandraika amin'ny fampihàrana ny fiandrianam-pirenena eo amin'ny fari-dranomasina;
- ny fizakantenan'ny Faritany;
- ny fisitahan'ny Fanjakana amin'ny asa ara-indostria sy ara-barotra,
- ny maha ao anatin'ny faritra ara-stratejikan'ny firenena araka ny hevity ny Lalàna laharana faha 94-018 tamin'ny 26 Septambra 1995 momba ny Fandaminana Ankapobeny ny Fiarovana an'i Madagasikara.

**LOHATENY II**  
**FIRAFITRA ANKAPOBENY**

**TOKO VOALOHANY**  
**FITANTANANA SY FANDRINDRANA NY ZANA-TSEHATRY NY**  
**SERANAN-TSAMBO**

**Andininy 3 . -** Ny fitantànana sy ny fandrindrana ny zana-tsehatry ny seranan-tsambo dia tontosain'ny Masoivoho ara-tseranan-tsambo, an-dranomasina sy an-dranomamy (A.P.M.F) izay manana ny satana Orinasam-Panjakana ara-indostria sy ara-barotra ary nomena fizakan-tena ara-pitantànana sy ara-bola araka ny voafaritry ny Lalàna laharana faha 98.031 momba ny famaritana ny Orinasam-panjakana sy ny lalàna momba ny famoronana karazan'orinasam-panjakana sy ny Didim-Panjakana fampihàrana azy. Ny "A.P.M.F" dia mitandrina mba ho ao anatin'ny fanajàna ny fitsipikin'ny fifaninanana malalaka sy mangarahara eo anivon'ny samy mpandrahahara no hiantohana ny fiadidiana sy ny fihariana ny seranan-tsambo.

**TOKO II**  
**FISOKAJIANA NY SERANAN-TSAMBO**  
**FANANAN-TANY**

**Andininy 4 . -** Ny seranan-tsambo ankoatra ny ara-miaramila dia voasokajy ho seranan-tsambo ho amin'ny tombon-tsoam-pirenena sy seranan-tsambo ho amin'ny tombon-tsoam-paritany.

Didim-panjakana no nisokajiana ny seranan-tsambo ary notandrovina tamin'izany isaky ny seranan-tsambo tsirairay ny lanjany ara-statejika, ny fiovaovan'ny varotra ary ny lanjany ara-piaraha-monina sy ara-toe-karena, indrindra ny fifandraisany amin'ny toe-karem-pirenena.

**Andininy 5 . -** Na inona na inona sokajy misy ny seranan-tsambo iray, ny farity ny tanim-panjakana ara-tseranan-tsambo izay ahitàna faritra voajanahary, ara-dalàna na nataon'ny olona ka ao anatin'ny famaritana ny seranan-tsambo dia voasokajy ho fananam-panjakana an'ny Firenena.

**Andininy 6 . -** Ny lisitry ny seranan-tsambo afaka mandray sambo misahana asa iraisam-pirenena dia faritan'ny Didim-panjakana.

**TOKO III**  
**FIADIDIANA NY SERANAN-TSAMBO SY FANATANTERAHANA**  
**NY ANDRAIKITRY NY FAHEFANA ARA-TSERANAN-TSAMBO**

**Andininy 7 . -** Ny fiadidiana ny seranan-tsambo, araka ny hevit'ity Lalàna ity, dia mahasahana :

- ny andraikiry ny Tompom-pahefana ara-tseranan-tsambo, izay ahitàna :
  - ny fiarovana ny seranan-tsambo izay mahafehy indrindra ny fiarovana ny faritry ny seranana sy ny fiarovana ny fihariana ny seranan-tsambo.
  - ny fiadidiana sy ny fikojakojana ny faritry ny seranan-tsambo, ny fitaoval-piasana ara-tseranan-tsambo sy ny fanànan'ny seranan-tsambo, ary indrindra ny fanomezana fahazoan-dàlana haka toerana ( autorisation d'occupation ) ao amin'ny fari-panjakana ara-seranan-tsambo.
  - ny andraikiry ny Tompom-pahefana , raha ny mikasika ny fanomezana sy ny fahazoan-dàlana ( concessions et permissions ) hiasa ao amin'ny seranan-tsambo.
- ny fanaraha-maso ny ati-rano sy ny fanatanterahana ny asa fangadiana ny aty rano any amin'ny faritry ny planin'ny ranon'ny seranan-tsambo.
- ny fanatanterahana ny asa fanitèrana, fanatsaràna, fanavaozana sy fanarenana ny fitaoval-piasana misy ao amin'ny fetran'ny faritry ny seranan-tsambo na ilaina amin'ny fampandehanana ny asa.

**Andininy 8 .** - Ny fiadidiana ny seranan-tsambo voasokajy ho an'ny tombon-tsoam-pirenena izay amarinin'ny fananany lanja, dia iantsorohan'ny saosiety izay ahitàna ny fahefam-panjakana - Fanjakana, Faritany Mizakatena sy ny rantsany, ho tompon'ny ampahany betsaka amin'ny renivola ampiasaina. Ireo seranan-tsambo ireo dia manana ny satany, ary antsoina hoe : “ seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena ”. Ny saosiety hiadidy ireo seranan-tsambo ireo dia antsoina hoe : “ saosiety ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatenan'i... ”. Izy ireo dia fehezin'ny zo ankabopen'ny saosietin'olona tsy fantatra anarana, raha tsy misy ny fepetra manokana apetrak'ity Lalàna ity sy ny Didim-panjakana fampiharana izany.

Ny Lohateny faha III amin'ity Lalàna ity dia mametra ny fomba fanorenana ary mamaritra ny andraikitra sy ny fepetra lehibe amin'ny firafitra ara-pitantànana sy ara-bolan'ireo saosietin' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena.

**Andininy 9 .** - Ny fiadidiana ny seranan-tsambo voasokajy ho an'ny tombo-tsoam-pirenena, ankoatr'ireo seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia nafindra amin'ny Masoivoaho ara-tseranan-tsambo, an-dranomasina sy an-dranomamy (A.P.M.F) izay tokony hamindra izany fahefana izany, ao anatin'ny fepetra izay voatanisa ao amin'ny LOHATENY faha V amin'ity Lalàna ity, amin'ny mpandraharaha tsy miankina manana fanomezan-dàlana ankabopeny (concessions globales) momba ny fiadidiana sy fihariana. Ireo seranan-tsambo ireo dia manana ny satany, ary antsoina hoe “ seranan-tsambo ho an'ny tombon-tsoam-paritany ”.

**Andininy 10 .** - Ny fiadidiana ireo seranan-tsambo voasokajy ho amin'ny tombon-tsoam-paritany dia nafindra amin'ny Faritany Mizakatena izay misy azy; tokony izy hamindra, ao anatin'ny fepetra izay voatanisa ao amin'ny LOHATENY faha V amin'ity Lalàna ity, izany fiadidiana izany amin'ny mpandraharaha tsy miankina

manana fanomezan-dàlana ankapobeny (concessions globales) momba ny fiadidiana sy fihariana ireo seranan-tsambo ireo dia manana ny satany, ary antsoina hoe "seranan-tsambo ho an'ny tombon-tsoam-paritany".

**Andininy 11.** - Eo amin'ny lafiny fanànan-tanim-panjakana, ny Saosietin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena, any amin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena, ny "A.P.M.F", any amin'ny seranan-tsambo ho an'ny tombon-tsoam-pirenena tsy mizakatena ary ny Faritany Mizakatena , any amin'ny seranan-tsambo ho an'ny tombon-tsoam-paritany, dia manana ny zo sy ny andraikitra mitovy amin'ny an'ny Fanjakana.

Na izany aza anefa, ireo asa rehetra mitondra fanamboarana ao amin'ny fari-panjakana ny seranan-tsambo dia tsy maitsy ankatoavin'ny Masoivoho ara-tseranan-tsambo, an-dranomasina sy an-dranomamy (A.P.M.F) mialoha amin'ny fiatombohan'ny fanatanterahana azy.

**Andininy 12.** - Na dia eo aza ny lamina manokana voalazan'ny Didy Hintsivolana laharana faha 60-099 nahintsin'ny Didy Hintsivolana laharana faha 62-035 mandamina ny fananan-tanim-panjakana ary ao amin'ny Lalàna laharana faha 99-028 momba ny fanovana ny Lalàna an-dranomasina ( Code Maritime ), ny fandikan-dalàna mikasika ny fiarovana ny fihariana ny seranan-tsambo izay voalazan'ny fepetra voafaritri'ny Didim-panjakana dia saziana handoa sazy mitetina 500 000 farantsa malagasy ka hatramin'ny 5 000 000 farantsa malagasy, ankoatra ny lany amin'ny fanarenana ny fahasimbàna novokarina.

Ny fandikan-dalàna dia raketin'ny tatitra ataon'ny manam-boninahitra an-tseranana izay mpiasan'ny fahefana miahys ny fiadidiana ny seranan-tsambo ary nahazo ny fankatoavan'ny "A.P.M.F" araka ny fepetra voafaritri'ny Didim-panjakana. Ireo fandikan-dalàna ireo dia andraikitri' ny fahefana momba ny ady heloka madinika.

**Andininy 13.** - Ny fahefana miahys ny fiadidiana ny seranan-tsambo dia atrehina Vondrona Mpanolotsainan'ny Mpampiasa sy ny Mpandraharaha; Didim-panjakana no mamertra ny fahefana sy ny fitsipika ankapobeny momba ny fanendrena ny mambra ao antin'ireo Vondrona ireo ary koa ny fampandehanan-drahahaha.

**Andininy 14.** - Ny Fanjakana dia afaka mandray anjara amin'ny famatsiam-bola ny asa fanatsaràna sy fanitărana ny fitaoval-piasana an-tseranana sy ny fidirana ao aminy any amin'ny seranan-tsambo malagasy rehetra. Ny Fanjakana no mamaritra ny fepetran'ireo famatsiam-bola sy ny fombafomba fampiharana ny fanatanterahana ireo asa ireo, ao anatin'izany raha misy ny fepetra manokana amin'ny fitsipika ao amin'ny andininy faha 7 momban'ny fampiharana ny fanatanterahana ireo asa ataon'ny Tompom-pahefana fiadidiana.

Etsy andanin'izany ny Masoivoho ara-tseranan-tsambo, an-dranomasina sy an-dranomamy "A.P.M.F" dia afaka mandray anjara amin'ny famatsiam-bola ny asa fanatsaràna sy fanitărana ny fotodrafitr'asa an-tseranana sy ny fidirana ao amin'ny seranan-tsambo malagasy rehetra. Didim-panjakana no mamertra ny fepetra ankapobeny mikasika ireo famatsiam-bola ireo sy ny fombafomba fampiharana ny fanatanterahana ireo asa ireo, ao anatin'izany raha misy ny fepetra

manokana amin'ny fitsipika ao amin'ny andininy faha 7 momban'ny fampiharana ny fanatanterahana ireo asa ataon'ny Tompom-pahefana fiadidiana.

## TOKO IV FIHARIANA NY SERANAN-TSAMBO

**Andininy 15.** - Ny fihariana ny seranan-tsambo izay mahasahana ny ankabeazan'ny asa ara-industria sy ara-barotra : fibatàna entana, fametrahana entana, famatorana sambo, fitarihana lèlana, fitarihan-tsambo sy ny asa hafa atao ho an'ny mpampiasa ny seranan-tsambo dia sahanina saosiety mizaka zo tsy miankina, afa tsy ny filana misy antony manokana tsy maintsy atao.

**Andininy 16.** - Ny fihariana dia mitaky fahazoan-dàlana omena ireo saosiety ireo, ao anatin'ny fanajàna ny fepetra momba ny lalàna mifehy ny fiadidiana sy ny ny fampiasana ny farim-panjakana ary koa arak' izay voarakitr'ity lalàna ity sy ao amin'ny Didim-panjakana fampiharana azy.

Ireo fahazoan-dàlana ireo dia mety haka ny endriky ny :

- \* fanomezan-dàlana ( concessions ) hisahana asam-panjakana ;
- \*fahazoana alàlana ( permissions ) hisahana asa mahaleotena ho azy samirery.

**Andininy 17.** - Ny vola fandoa raisin'ny tompon'ny fanomezan-dàlana ( titulaires de concession ) amin'ny asam-panjakana ho tambin'ny asa ataony ho an'ny mpampiasa ny seranan-tsambo dia ankatoavin'ny fahefana mpanome, ao anatin'ny fanajàna ny fepetra Ovoarakitra ao amin'ny Didim-panjakana fampiharana ity Lalàna ity.

**Andininy 18.** - Raha vao misy sata vaovao ampiharina amin'ny seranan-tsambo iray, ilay fahefana fiadidiana vaovao dia maka ny toeran'ilay teo aloha ny amin'ny "concessions, permissions ary autorisations" rehetra nomena sy natolotra tao amin'io seranan-tsambo io mandra-pahatongan'ny fetra mahalany andro azy ireo.

## TOKO V FANDAMINANA ARA-BOLA

**Andininy 19.**- Ho sandan'ny asa izay atolony ny mpampiasa sy ny mpandrahara ha ao an-tseranana, ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena ary ny tompon'ny fanomezan-dàlana ankapobeny (titulaires de concession globale) amin'ny fiadidiana sy ny fihariana izay namindrana ny fahefana miadidy ny seranan-tsambo tsy manana ny satan'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena, dia mandray ho tombotsoan'izy ireo ny haban-tseranana izay ahitana ny haba amin'ny seranan-tsambo sy habam-piantsonana, ary ny haba fandrotsaky ny tompon'ny "concessions sy permissions".

**Andininy 20.**- Raha vao misy sata vaovao omena seranan-tsambo iray, ny haban-tseranana sy ny haba avy amin'ny "concessions sy permissions" nampiharin'ny fahefana tompon'andraikiray ny fiadidiana ny seranan-tsambo izay soLoin'ny fahefana fiadidiana vaovao toerana dia raisin'ity farany ity mivantana.

**Andininy 21.-** Mba hitsinjovana ny firindràna eo amin'ireo seranana samihafa dia Didim-panjakana no amerana ny lalàna ankapobeny momba ny mari-pamerana ny vola fandoa amin'ny haban-tseranana .

### LOHATENY III

#### SERANAN-TSAMBO MANANA FIADIDIANA MIZAKATENA

**TOKO VOALOHANY**  
**FAMORONANA NY SATAN'NY SERANAN-TSAMBO MANANA FIADIDIANA**  
**MIZAKATENA- NY ANDRAIKITRY NY SAOSIETY MIADIDY IREO SERAN-**  
**TSAMBO IREO.**

**Andininy 22-** Ny satan'ny “ seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena ” dia omena amin'ny alàlan'ny Didim-panjakana.

Ireo saosiety miahy ny fiadidiana ireo seranan-tsambo ireo dia apetraka eo ambany fiantohana ara-teknikan'ny “A.P.M.F” miankina amin'ny Ministera miandraikitra ny seranan-tsambo.

**Andininy 23.-** Ny saosietin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia miantsoroka, ao anatin'ny faritry ny seranan-tsambo, ary araka ny fepetra voalaza eto ambany, ireo andraikitra voalaza ao amin'ny andininy faha-7 amin'ity Lalàna ity. Afaka ampiandraiketina ny fihariana, ny fikojakojana sy ny fanatsaràna ny toeran'ny fitaovam-pamantàrana an-dranomasina mamaritra ny fitaovam-piasana an-tseranan-tsambo sy ny fidirana ao aminy koa izy.

Afaka omena alàlana izy, eo amin'ny sehatry ny lalàna manan-kery, hanorina na handray anjara amin'ny fanorenana sy ny fanajariana ny faritra ara-indostria sy fitehirizana ivelan'ny faritry ny seranan-tsambo.

**Andininy 24.-** Ny faritry ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena na ny fitambarana seranan-tsambo dia raiketina ao amin'ny Didim-panjakana manome an'io seranan-tsambo io ny satan'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena. Io Didim-panjakana io ihany no mamaritra ny isan'ny fanànana sy ny fitaovam-piasana nomena ilay saosiety ny seranan-tambo manana fiadidiana mizakatena, anisan'izany ireo momba ny fanànana manokana an'ny Fanjakana, ary koa ny lisitry ny toeran'ny fitaovam-pamantàrana an-dranomasina mamaritra ny fitaovam-piasan'ny seran-tsambo sy ny fidirana ao aminy.

**Andininy 25.-** Ny saosietin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia afaka koa anankinan'ny “A.P.M.F”. asa fanampiny. Ny fepetra anatanterahana ny fanankinana asa fanampiny aminy toy izany no anton'ny fifanarahana eo amin'io saosiety io sy ny A.P.M.F. Ny vola lany vokatr'ireo asa fanampiny ireo dia oneran'ny A.P.M.F. manontolo amin'io saosiety io.

**Andininy 26.-** Ny saosietin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia maka ny toeran'ny Fanjakana eo amin'ny andraikitra, ny fanavaozana na ny fanamboarana ny “ concessions, permissions sy autorisations ” hampiasa mandritra

ny fotoana voafetra ny tanim-panjakana miankina amin'ny Fanjakana ary koa ao amin'ny fankatoavana sy ny famerana ny haba sy ny vola fandoa farany ambony ampiharin'ireo "concessionnaires ", ao anatin'ny fankatoavana ny fitsipi-dalànan'ny vidin-javatra izay mety ampiharina ary koa ao anatin'ny lalàna ankabobeny momba ny mari-pamerana ny vola fandoa amin'ny haban-tseranana voafaritrin'ny Didimpanjakana voalaza ao amin'ny andininy faha 21

**Andininy 27.**- Rehefa nomena ny satan'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena ny seranan-tsambo manana fiadidiana tsy mahazaka tena, ireo tany malalaka, ny fiantsonana, ny fefiloha, ny farin-drano, ny lalam-by ampiasain'ny seranan-tsambo ary amin'ny ankabobeny, ireo fananana rehetra miorina amin'ny tanim-panjakana miankina amin'ny Fanjakana eo amin'ny fotoanan'ny fifanoloantoerana na naorin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena taty aoriany sy afindra na tokony afindra amin'ny fihariana ny seranan-tsambo ao anatin'ny faritra voalaza araka ny andininy faha-24 etsy ambony, dia mitàna ny toeatra maha fanànam-panjakana an'ny Fanjakana azy: ny fiadidiana io tanim-panjakana miankina amin'ny Fanjakana io dia iandraiketan'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena ao anatin'ny fankatoavana ny fepetra voalaza ao amin'ny LOHATENY II amin'ity Lalàna ity.

Ankoatr'izany, izay mety ho fanovàna ny toeram-pamantarana andranomasina dia manaraka ny fitsipiky ny toro-làlana momba ny fitondran-tsambo izay voafaritry ny lalàna manankery.

**Andininy 28.**- Araka ny famindràna voalazan'ny andininy faha 26 sy 27 etsy ambony dia ilay sosiety manana fiadidiana mizakatena no misolo manontolo ny Fanjakana amin'ny zony rehetra, tombo-tsoa sy adidy mifandraika amin'ny fiadidiana ny fanànanana ary ny sehatr'asa nafindra.

Ny famindràna ny fanànanana ho amin'ny saosiety manana fiadidiana mizakatena dia tsy misy fanerena mihintsy an'io saosietry io.

## **TOKO II RAFITRA ARA-PITANTANANA**

**Andininy 29.** - Ny rafitra ara-pitantànana ampiharina amin'ny saosiety manana fiadidiana mizakatena iray dia raketin'ny satany.

**Andininy 30.** - Ny saosietin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia manana safidy malalaka amin'ny fandraisana ny olona hiasa ao aminy.

Ny mpiasan'io saosiety io dia fehezin'ny lalànan'ny zo iombonana ao amin'ny Fehezan-dalànan'ny Asa.

Ny mpiasa miondrana ambonin'ny sambon'io saosiety io kosa, dia fehezin'ny fitsipika manokan'ny asa an-dranomasina araka ny voafaritry ny Fehezan-dàlana momba ny fifamoivoizana an-dranomasina.

## **TOKO III**

## FANDAMINANA ARA-BOLA

**Andininy 31.** - Ny fandaminana ara-bola fampihatra amin'ny saosietin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena iray dia faritan'ny satany.

**Andininy 32.** - Ny saosietin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia manana fahazakan-tena ara-piadidiana lehibe. Izy ihany no mametra ny vola fandoa ao anatin'ny fankatoavana ny fitsipi-dalànan'ny vidin-javatra izay mety hampiharina ary koa ny lalàna ankabopeny momba ny mari-pamerana ny vola fandoa amin'ny haban-tseranana voafaritry ny Didim-panjakana voalaza ao amin'ny andininy faha 21.

Ny saosietin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia mampahafantatra ny APMF izay rehetra mety ho fanintsiana ny vola fandoa. Dia ampitainy any amin'ny "A.P.M.F" koa ny antontan'isa ara-tseranana amin'ny endrika sy ny fotoana fanomezana azy takian'ity farany ity, mba hahafahan'ny "A.P.M.F" miantoka ny andraikiny amin'ny fanaraha-maso ny asan-tseranan-tsambo.

**Andininy 33.** - Mba hahafahana miantoka ny fizakan-tenany tanteraka ara-bola, ny saosietin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia tokony hanoratra mialoha ao anatin'ny sora-bolany ny ankabehazan'ny vola miasa, ny rafi-drafir'asa anatin sy ivelany, izay nankinina taminy ho fampiharana ny andininy faha 24. Ny fepera fanatanterahana ny fanatontosana ireo fandoavana tsikelikely ny renivola ireo dia faritan'ny Didim-panjakana. Ny vola fandoa ampiharin'ny saosietin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia ahitàna taratra ny ankabeazan'ny vola lany nozakain'izy ireo, anisan'izany ny vola fandoa tsikelikely sy ny vatsy ho an'ny fanavaozana .

**Andininy 34.** - Ny saosiety tsirairay manana fiadidina mizakatena dia mandrotsaka ao amin'ny teti-bolan'ny "A.P.M.F" haba isan-taona mifandraika amin'ny valin'ny fametrahan'ny Fanjakana ny fari-panjakana ara-tseranana sy ny rafi-drafir'asa ara-tseranana ary koa ny fandraisany anjara amin'ny fampandehanan-draharaoha sy ny fanatsaràna ny tontolon'ny sehatry ny seranan-tsambo sy ny fitaterana andranomasina. Ny fomba famerana io haba io dia raketin'ny Didim-panjakana.

## TOKO IV FANDAMINANA SAMIHAFA

**Andininy 35.** - Ny fikambanana mety hisy amin'ny seranan-tsambo iray manana fiadidiana mizakatena miaraka amin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena iray na maromaro hafa na ny fifamatorana seranan-tsambo manana fiadidiana tsy mahazaka tena iray na maromaro amin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena efa misy, dia havoaka amin'ny Didim-panjakana.

Ny lalànan'ny fampandehanan-draharaoha sy ny fitantanana ny saosietin'ireo seranan-tsambo nakambana na nampifandraisina ireo dia raketin'io Didim-panjakana io ihany.

**Andininy 36.** - Ny satan'ny fizakan-tena napetraka ao anatin'ny seranan-tsambo iray manana fiadidiana mizakatena dia azo foanana amin'ny Didim-panjakana avoaka araka ny fomba mitovy amin'ny Didim-panjakana nanorina azy voalaza ao

amin'ny andininy faha 23.

Ny fomba fandravàna na fanafoanana saosietin'ny seranan-tsambo iray manana fiadidiana mizakatena dia faritan'ny satany.

**Andininy 37.** - Didim-panjakana no mamaritra ny sata fenitra izay tsy maintsy arahin'ny satan'ny saosiety manana fiadidiana mizakatena tsirairay.

#### **LOHATENY IV SERANAN-TSAMBO HO AN'NY TOMBON-TSOAM-PARITANY**

##### **TOKO VOALOHANY FANORENANA NY SATAN'NY SERANAN-TSAMBO HO AN'NY TOMBON-TSOAM-PARITANY. FAHEFAN'NY FARITANY MIZAKATENA AO ANATIN'IRENY SERANAN-TSAMBO IRENY**

**Andininy 38.** - Ny satan'ny "seranan-tsambo ho an'ny tombon-tsoam-paritany" dia raketin'ny Didim-panjakana.

**Andininy 39.** - Ny fizaran-tanin'ny seranan-tsambo tsirairay ho an'ny tombon-tsoam-paritany dia raketina ao amin'ny Didim-panjakana manome an'io seranan-tsambo io ny satan'ny seranan-tsambo ho an'ny tombon-tsoam-paritany. Io Didim-panjakana io koa no mamaritra mazava ny fanànana sy ny fitaoval-piasana nomena ny Faritany Mizakatena anisan'izany ny avy amin'ireo faritra manokan'ny Fanjakana.

**Andininy 40.** - Ao anatin'ny seranan-tsambo ho an'ny tombon-tsoam-paritany iandraiketany, ny Faritany Mizakatena dia misolo ny teoran'ny Fanjakana eo amin'ny fanomezana, ny fanavaozana na ny fanamboarana ny "concessions, ny permissions sy ny autorisations" hampiasa ny faritry ny tanim-panjakana mandritra ny fotoana voafetra ary koa amin'ny fankatoavana ny vola fandoa ambony indrindra ampiharin'ny "concessionnaires".

**Andininy 41.** - Rehefa nomena ny seranan-tsambo iray ny satan'ny seranan-tsambo ho an'ny tombon-tsoam-paritany, ny tany malalaka, ny fiantsonana, ny fefiloha, ny fari-drano, ny lalàm-by ampiasain'ny seranan-tsambo ary, amin'ny ankapobeny, ireo trano rehetra miorina eo amin'ny tanim-panjakana miankina amin'ny Fanjakana izay misy eo amin'ny fotoanan'ny fifanoloan-toerana na naorin'ny Faritany Mizakatena taty aorianana sy afindra na tokony hafindra ho amin'ny fihariana ny seranan-tsambo ao anatin'ny fizaran-tany voalaza araka ny andininy faha 39 etsy ambony, dia mitàna ny toetra maha fanànam-panjakana an'ny Fanjakana azy; ny fiadidiana io tanim-panjakana an'ny Fanjakana io dia iandraiketan'ny Faritany Mizakatena ao anatin'ny fankatoavana ny fepetra napetraky ny LOHATENY faha II amin'ity Lalàna ity ary ao anatin'ny faritry ny fizakantena izay nomena azy araka ny Lalàm-panorenana sy ny Lalàna mikasika ny Faritany Mizakatena.

**Andininy 42.** - Araka ny famindràna voalazan'ny andininy faha-41 sy 42 etsy ambony dia ny Faritany Mizakatena no misolo ny Fanjakana amin'ny zony rehetra, ny tombon-tsoany sy ny adidiny rehetra nifandraika amin'ny fiadidiana ny fànanana sy ny amin'ny asa nafindra.

## **TOKO II RAFITRA ARA-PITANTANANA**

**Andininy 43.**- Ny Faritany Mizakatena dia miadidy ny seranan-tsambo manana tombon-tsoam-paritany izay iandraiketany ao anatin'ny fanajàna ny lamin'ity Lalàna ity sy ny lamina fanaovan-dalàna mihatra aminy.

**Andininy 44.**- Ny Faritany Mizakatena dia mampahafantatra ny APMF izay rehetra mety ho fanintsiana ny vola fandoa izay ampiharina any amin'ny seranan-tsambo ho an'ny tombon-tsoam-paritany iandraiketany. Dia ampitainy any amin'ny APMF koa ny antontan'isa ara-tseranana an'reo seranan'tsambo ho an'ny tombon-tsoam-paritany iandraiketany amin'ny endrika takian'ny APMF, mba hahafahany miantoka ny andraikiny amin'ny fanaraha-maso ny asan-tseranan-tsambo.

## **TOKO III FEPETRA SAMIHAFA**

**Andininy 45.**- Ny satan'ny seranan-tsambo ho an'ny tombon-tsoam-paritany dia afaka foanana sy soLoina iray hafa amin'ny sata voalazan'ny LOHATENY faha 11 etsy ambony amin'ny alàlan'ny Didim-panjakana avoaka amin'ny fomba mitovy amin'ny Didim-panjakana mamorina ny satan'ny seran-tsambo ho an'ny tombon-tsoam-paritany voalaza ao amin'ny andininy faha 40 etsy ambony.

## **LOHATENY V FANOMEZAN-DALANA ANKAPOBENY AVY AMIN'NY FANJAKANA HO AN'NY FIADIDIANA SY NY FIHARIANA**

**Andininy 46.**- Ny Masoivoho ara-tseranan-tsambo, an-dranomasina sy andranomamy (APMF) sy ny faritany mizakatena dia afaka manankina amin'ny alàlan'ny fifanarahana ny fiadidiana sy ny fiariana ny seranan-tsambo eo ambany fiadidiany amin'ny saosiety manana fahazoan-dàlana ankabobeny avy amin'ny fanjakana (société titulaire de concession globale) amin'ny fiadidiana sy ny fiariana izay miantsoroka :

\* ny andraikitry ny Tompom-pahefàna araka ny heviny ao amin'ny andininy faha 7 amin'ity Lalàna ity;

\* ny asa ara-pihariana araka ny heviny ao amin'ny andininy faha 15 amin'ity Lalàna ity.

Ny Tompon'ny fahazoan-dàlana ankabobeny avy amin'ny Fanjakana (titulaire de concession globale) amin'ny fiadidiana sy ny fiariana dia afaka ihany koa anankinana ny fanatanterahana ny asa fangadiana ny aty rano sy ny fitaovana.

Ny saosietin'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia afaka ihany koa manankina ny fiadidiana sy ny fiariana ireo toerana ara-tseranan-tsambo madinika iandraiketany amin'ny saosiety manana fanomezan-dàlana ankabobeny iray "titulaires d'une concession globale" amin'ny fiadidiana sy ny fiariana. Raisina ho toerana ara-tseranan-tsambo madinika, araka ity andininy ity, ny fitaovam-piasana an-tseranana ka ny asany dia voafatotra tsy azo sarahina amin'ny an'ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena ary tafiditra ao

anatin'ny fizaran-taniny, na mifandray aminy izany na tsia.

**Andininy 47.-** Ny fepetra mihatra amin'ny fanomezan-dàlana ankapobeny ho an'ny fiadidiana sy ny fihariana dia faritana amin'ny Didim-panjakana. Ny boky filazana andraikitra tovànana amin'ny fifanarahana fanomezan-dàlana avy amin'ny fanjakana no mamaritra avy ny haba sy andraikitra ho an'ny "concessionnaire"sy ny fahefana mpanome fanomezan-dàlana.

Raha tsy antony manokana voamarina ara-dalàna ary ankatoavin'ny Ministra miahny seranan-tsambo amin'ny Didim-pitondrana araka ny tolo-kevitry ny Filankevim-pitantanan'ny Masoivoho ara-tseranan-tsambo, an-dranomasina sy andranomamy (APMF), ny fanomezan-dàlana ankapobeny avy amin'ny fanjakana ho an'ny fiadidiana sy ny fihariana dia omena aorian'ny fombafomba mangaraharan'ny fiantsoana amin'ny fifaninanana.

**Andininy 48.-** Ireo fanomezana-dàlana ankapobeny ( concessions globales ) avy amin'ny fanjakana ho an'ny fiadidiana sy ny fihariana dia afaka maminavina mialoha na tsia ny famoronan'ny "concessionnaire" rafi-drafir'asa sy fananana hafa toy ny trano eo amin'ny faritry ny seranan-tsambo. Amin'izany ary indrindra ny maha an'ny tanim-panjakana an'ny Fanjakana ny tany nanorenana ireo, ny "concessionnaire" dia omena alàlana haminavina mialoha ao anatin'ny sorbolany ny fandoavana tsikelikely ny renivola mifandraika amin'izany ary koa ny vatsy ho an'ny fanavaozana ireo rafi-drafir'asa sy fananana hafa toy ny trano. Afaka maminavina mialoha ny famerana ny fampiasan'ny sarababem-bahoaka ny fitaoval-piesana naorin'ny "concessionnaire" izy ireo.

**Andininy 49.-** Ny vola fandoa voarain'ny manana fanomezan-dàlana ankapobeny avy amin'ny fanjakana (titulaires de concession globale ) ho an'ny fiadidiana sy fihariana ho sandan'ny asa ataony ho an'ny mpampiasa ny seran-tsambo dia ankatoavin'ny fahefana mpanome ao anatin'ny fanajàna ny fepetra voavinavina ao amin'ny andininy faha 17 sy 21 amin'ity Lalàna ity.

## **LOHATENY VI NY MOMBA NY FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA**

**Andininy 50.-** Izay volavola fampiasam-bola ara-tseranan-tsambo rehetra momba ny asa fanorenana, fanavaozana na ilaina amin'ny findràmana akora dia hanaovana fandinihana ny fiatrainy eo amin'ny tontolo iainana. Araka ny lalàna manan-kery dia tsy maintsy manaraka ny fepetra sy ny fombafomba voafaritra, indrindra ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha 99-954 tamin'ny 15 desambra 1999 momba ny fanoratana ny vola miditra sy mivoaka izay ampiasaina amin'ny fierovana ny tontolo iainana.

## **LOHATENY VII FEPETRA VONJIMAIKA**

**Andininy 51.-** Ho an'ny seranan-tsambo manana satan'ny fizakantena talohan'ny famoahana ity Lalàna ity hafa noho izay voalaza ao amin'ny LOHATENY faha III etsy ambony, ny fanovàna ny sata fizakantena vaovao voalaza anatin'ity Lalàna ity ho amin'ny sata misy dia apetraky ny Didim-panjakana.

**Andininy 52.-** Mandritra ny vanim-potoana vonjimaika izay dimy taona aorian'ny daty famoahana ity Lalàna ityu fara-fahabetsany ny faharetany, ary avy amin'ny fanapahan-kevity ny Ministra miandraikitra ny seranan-tsambo araka ny tolo-kevity ny "A.P.M.F"; ity farany ity dia afaka misahana mivantana ny andraikity ny fahefana ara-tseranan-tsambo sy ny asa hafa momba ny fiadidiana ao anatin'ny seranan-tsambo ho an'ny tombon-tsoam-paritany tsy mizakatena

Mandritra io vanim-potoana vonjimaika io, ny haban-tseranana voalazan'ny andininy faha 19 etsy ambony dia raisin'ny Masoivoho ara-seranan-tsambo, an-dRanomasina sy an-dRanomamy ( A.P.M.F ) any amin'ny seranan-tsambo izay iantsorohany ny fiadidiana azy mivantana.

**Andininy 53.-** Mandritra ny vanim-potoana vonjimaika izay dimy toana aorian'ny daty famoahana ity Lalàna ity fara-fahabetsany ny faharetany, ary avy amin'ny fanapahan-kevity ny Minisitra miandraikitra ny seranan-tsambo araka ny tolo-kevity ny Faritany Mizakatena, aorian'ny hevity ny Masoivoho ara-seranan-tsambo, an-dRanomasina sy an-dRanomamy ( A.P.M.F ), ny Faritany Mizakatena dia afaka misahana mivantana ny andraikity ny fahefana ara-tseranan-tsambo sy ny asa hafa rehetra momba ny fiadidiana ao anatinin'ny seranan-tsambo ho an'ny tombotsoam-paritany izay nankinina aminy.

Mandritra ny vanim-potoana vonjimaika, ny haban-tseranana voalaza ao amin'ny andininy faha 19 etsy ambony dia raisin'ny Faritany Mizakatena any amin'ny seranan-tsambo izay iantsorohany ny fiadidiana azy mivantana.

### **LOHATENY VIII FEPETRA FARANY**

**Andininy 54.-** Didim-panjakana no mamaritra amin'ny ilàna izany ny fombafomba fampiharana ity Lalàna ity.

**Andininy 55.-** Foana ary dia foanana ny fepetra rehetra nifano hitra amin'ity Lalàna ity, indrindra ireo ao amin'ny Lalàna laharana faha 67-025 tamin'ny 18 desambra 1967 manorina ny " Budget Annexe des Ports " ary koa ny Lalàna laharana faha 70-008 tamin'ny 15 jolay 1970 mikasika ny seranan-tsambo mizakatena.

**Andininy 56 -** Ity Lalàna ity dia havoaka amin'ny Gazetim-panjakanan'ny Repoblika. Ho tanterahina izany fa Lalàm-panjakana izy.

Antananarivo, faha-01 aogositra 2003

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA**

**LAHINIRIKO Jean**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

**RAJEMISON RAKOTOMAHARO**

*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**LE PRESIDENT**

à

**Monsieur LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR  
ANTANANARIVO**

N° \_\_\_\_\_ -AN/Q2/SG/DL.4

**ANTANANARIVO, LE**

**Monsieur le PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,**

**En vue de l'application des dispositions de l'article 57 de la Constitution, j'ai l'honneur de vous transmettre, aux fins de promulgation, un exemplaire de :**

**la Loi n° 2003-025 portant Statuts des Ports,**

**que l'Assemblée nationale et le Sénat ont adoptée successivement, lors des séances plénières en date du 1<sup>er</sup> août 2003 en vertu de l'article 86 alinéa 2 de la Constitution.**

**Veuillez recevoir, Monsieur le Président de la République, l'expression de ma très haute considération.**

**LAHINIRIKO Jean**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**LE PRESIDENT**

à

Monsieur LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT

**ANTANANARIVO**

N° \_\_\_\_\_ -AN/Q2/SG/DL.4

**ANTANANARIVO, LE**

**Monsieur le PREMIER MINISTRE,**

**J'ai l'honneur de vous faire parvenir ci-joint, un exemplaire de :**

**la Loi n° 2003-025 portant Statuts des Ports,**

**que l'Assemblée nationale et le Sénat ont adoptée  
successivement, lors des séances plénières en date du 1<sup>er</sup> août  
2003 en vertu de l'article 86 alinéa 2 de la Constitution.**

**Veuillez agréer, Monsieur le Premier Ministre, l'assurance de ma  
considération distinguée.**

**LAHINIRIKO Jean**



# **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

## **ASSEMBLEE NATIONALE**

### **LE PRESIDENT**

à

Monsieur LE PRESIDENT DE LA HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE

### **ANTANANARIVO**

N° \_\_\_\_\_ -AN/Q2/SG/DL.4

**ANTANANARIVO, le**

Monsieur le PRESIDENT,

J'ai l'honneur de vous faire parvenir ci-joint, pour information, un exemplaire de :

**la Loi n° 2003-025 portant Statuts des Ports,**

**que l'Assemblée nationale et le Sénat ont adoptée successivement, lors des séances plénières en date du 1<sup>er</sup> août 2003, en vertu de l'article 86 alinéa 2 de la Constitution.**

**Veuillez agréer, Monsieur le Président, l'assurance de ma considération distinguée.**

**LAHINIRIKO Jean**

**REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**LE SECRETAIRE GENERAL**

à

MONSIEUR LE SECRETAIRE GENERAL DE  
LA PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

**-ANTANANARIVO-**

N° \_\_\_\_\_-AN/Q2/SG/DL.4

Antananarivo, le

***BORDEREAU D'ENVOI***

DESIGNATION DES PIECES	NOMBRE	OBSERVATIONS
Loi n° 2003-025 portant Statuts des Ports.....	31 ex	"En vue des formalités de promulgation prévues par l'article 57 de la Constitution"

REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**LE SECRETAIRE GENERAL**

à

MONSIEUR LE GREFFIER EN CHEF DE  
LA HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE

-ANTANANARIVO-

N° \_\_\_\_\_-AN/Q2/SG/DL.4

**Antananarivo, le**

***BORDEREAU D'ENVOI***

DESIGNATION DES PIECES	NOMBRE	OBSERVATIONS
Loi n° 2003-025 portant Statuts des Ports.....	02 ex	"Pour information"

REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**LE SECRETAIRE GENERAL**

à

MONSIEUR LE SECRETAIRE GENERAL  
DU GOUVERNEMENT

*ANTANANARIVO*

N° \_\_\_\_\_-AN/Q2/SG/DL.4

**Antananarivo, le**

***BORDEREAU D'ENVOI***

DESIGNATION DES PIECES	NOMBRE	OBSERVATIONS
Loi n° 2003-025 portant Statuts des Ports.....	25 ex	"Pour information"

REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**LE SECRETAIRE GENERAL**

à

MONSIEUR LE SECRETAIRE GENERAL  
DU SENAT

*ANTANANARIVO*

N° \_\_\_\_\_-AN/Q2/SG/DL.4

**Antananarivo, le**

***BORDEREAU D'ENVOI***

DESIGNATION DES PIECES	NOMBRE	OBSERVATIONS
Loi n° 2003-025 portant Statuts des Ports.....	02 ex	<b>"Pour information"</b>

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**Le Président**

à

Monsieur le Président du Sénat  
**ANTANANARIVO**

N° \_\_\_\_-AN/Q2/SG/DL.4

Antananarivo, le

Monsieur le Président,

En application des dispositions de l'article 86 de la Constitution, j'ai l'honneur de vous transmettre, aux fins d'examen, un exemplaire de :

**la Loi n° 2003-025 portant Statuts des Ports,**

**que l'Assemblée nationale a adoptée en sa séance plénière du 1<sup>er</sup> Aout 2003, en application des dispositions de l'article 52, alinéa 1 de son Règlement Intérieur .**

**Veuillez agréer, Monsieur le Président, l'assurance de ma haute considération.**

**Pour le PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE  
NATIONALE  
par autorisation  
LE VICE PRESIDENT**

**RAKOTOARIVELO Mamy**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

---

**ASSEMBLEE NATIONALE**

Le SECRETAIRE GENERAL

à

**MONSIEUR LE SECRETAIRE GENERAL DU SENAT**

-ANTANANARIVO-

N° \_\_\_\_\_-AN/Q2/SG/DL.4

Antananarivo, le

**BORDEREAU D'ENVOI**

DESIGNATION DES PIECES	NOMBRE	OBSERVATIONS
Loi n° 2003-025 portant Statuts des Ports .....	100 ex	« Aux fins d'examen »